

TORITENY - ALAHADY faha-19 TSOTRA - TAONA D



MANOMÀNA VATSY SAHAZA NY MANDRAKIZAY

Ry kristianina havana, amin'izao Alahady faha-19 mandavantaona izao dia manentana antsika ny eglizy hanomana vatsy ho an'ny mandrakizay fa indrindra ireo Tanora izay miomana hanao fiviana masina any Antsirabe hiatrika ny JMJ. Tsy tanjona izany fa fanirahana fa indrindra moa ho antsika eto anivon'ny diosezy miatrika ny Sinaody fa "nouveau depart". Izany no dikan'ny voady izay atrehintsika izao. Ny voady tokoa dia manambara fahafoizana ka manolo-tena amin'I Jesoa mba hanara-dia Azy akaiky kokoa. Hivelona ireo toe-panahy mampiombona amin'I Jesoa. Noho ny voadin'ny fahadiovana dia tokam-pilana ny fo ka amin'ny alalan'I Jesoa sy miaraka Aminy ary ao Aminy no itiavana sy anompoana ny manodidina fa indrindra ireo eo anivon'ny fieraha-miaina. Torak'izany koa noho ny fahantrana dia tokana ny harena dia I Kristy. Noho ny voadin'ny fanekena

sy fankatoavana dia ny —fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra no zary fiainana. Mitaky "rupture" izany rehetra izany. Izany hoe tsy maintsy "tapaka" eo amin'ny fiainana mahazatra sy ny fiainana voatokana. Io ny dikan'ny chaseté izay tsy maintsy iainan'ny mpivady ihany koa satria ny mpivady tsy maintsy mametraka "rupture" amin'ny fiainana teo aloha sy amin'ny fiainan'ny maha-

Vakiteny I: Fah. 18, 6-9

Salamo : Sal. 32

Vakiteny II: Heb. 11, 1-2. 8-19

Evanjely : Lk. 12, 32-48

mpivady azy.

Toe-panahy sy toe-piaianana manampy antsika hivelona an'izany rehetra izany no atolotr'ireo vakiteny androany. Azo lazaina fa tena sarobidy indrindra satria manampy antsika amin'ny fampitraofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro . Tsy mahagaga izany satria anatin'ny vanim-potoana mandavantaona isika. Vanim-potoana atolotra antsika handalinana ny finoana mba hahafahantsika mivelona bebe kokoa an'izany finoana izany. Io indrindra no tanjon'izao Sinaody izao mba ho Eglisy velona isika, velomin'ny batemy miombona, miara-dia, mandray an-tanana zary Tabernakla velona. Izany no irintsika ho antsika jiaby fa indrindra irintsika sy ivavahantsika ho an'ireo manao voady sy ireo Tsaiky hanao Sinaody ary ireo hamasininana pretra.

Atolotry ny Eglisy amintsika tokoa àry amin'izao Alahady faha-19 izao ny toe-panahy anankiray izay azo lazaina fa ivon'ny toe-panahy rehetra ihany koa ary manambara fa velona ny finoantsika izay tsy inona izay fa ny fiambenana vokatry ny faharetana. Izany hoe ny fahaizana miambina. Io fahaizana miambina na faharetana io no manomana ny fiainana mandrakizay. Isika izao no mamolavola azy amin'ny andavanandrom-piaianantsika ka anisan'izany ny mitily, ny miambina.

Ny mandrindra ny fiainana no ambaran'izany miambina izany fa tsy hoe matoritory satria mahafantatra ny ora hahatongavan'ny mpangalatra. Ny fakam-panahy izany no mangalatra ny fiainantsika, izany ny tian'i Jesoa ambara amin'io fanoharana io. Ny filan'ny nofo sy ny rendrarendra atolotr'izao tontolo izao ka mamitaka ny maso sy ny fo ka mampatory antsika no mpangalatra mitady handrapaka antsika io. Ny fiainantsika dia ao amin'Andriamanitra, tsy tian'ny demony ka alainy io fiainantsika. Anjarantsika àry no miambina sy mitily mba tsy hatoritory isika.

Araka ny voalazan'ny razantsika : "*Aza mijery ny lohasaha mangina fa Andriamanitra an-tampon'ny loha eo mandrakariva*". Eo mandrakariva Andriamanitra, tsy tokony handrihandry fotsiny amin'izao isika fa tsy maintsy miasa. Izay ny mahatonga ahy matetika milaza fa ny finoana dia tsy tany malemy hanorenam-pangady (tsy matoritory fotsiny isika) fa tany lonaka, io fiainantsika io no tany lonaka avelantsika hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra. Tsy isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra no miara-miasa amintsika ka izany no atao hoe miambina. Izany ihany koa no mahatonga antsika milaza amin'ny tanora sy maniraka azy ireo fa indrindra ireo hanao JMJ mba ho tahaka an'I Paoly hitsangana hanambara amin'izay hitany hoe : ANIO , NIANY NY HO AVY FA TSY AMARAY TSY RAHAMPISTO....

Ny miambina dia miatrika ny ankehitriny, niany no mibanjina ny ho avy ary mijery ihany koa ny dingana efa vita, io ny fiainantsika, io ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Azontsika tsara izany ny anton'ny hanaovantsika sinaody afahantsika mametraka rafitra hanampy antsika amin'ny ho avy. Rafitra handresentsika ireny rafitra manapotika antsika, "mampatory" antsika ireny. Izany ny ampianarin'ireo firohotana hoe "revision de vie" izany hoe mijery, mitsara, miasa, mankalaza. Azo lazaina izany fa "revision de vie" goavana no ataontsika amin'ny Sinaody. Izany tokoa satria miasa dia atao izay hanatsarana ny fiainana ankehitriny, atao izay mahazanak'Andriamanitra antsika amin'ny fiainana andavanandro, izay ny fanoloran-tena sy ny fanokan-tena hahafantarantsika ny amin'ny ho avy. Izany no mahatonga ireo Masera manao voady satria efa mivelona ny ho avy izy ireo izany hoe miombona amin'I Jesoa. Mivelona alohan'ny fotoana (mi-anticiper) ny fiainan-ko avy ambaran'ny Evanjely androany.

Ampianarin'ny vakiteny voalohany amintsika ihany ao amin'ny bokin'ny Fahendrena (*Fah.* 18, 6-9) fa Andriamanitra tsy mamela irery antsika raha avelantsika hiasa ao amintsika izy, izany no dikan'izay voalaza hoe :" Eny tokoa fa ireo tia vavaka zanaky ny olona masina moa nanatitra ny sorony mangingina, ka niara-nanao fanekena masina hoe: hiara-misalahy ny masina amin'ny soa sy amin'ny loza hitranga; ary dia nihira sahady ny hira masin'ny Razanay izy ireo." **Ie** Voafintina amin'io eto ny fiainana ny voady, ny fiainan'izay voatokana. Raha ny marina anefa ny voatokana manambara am-pahibemaso fa isika vita batemy antsoina HIAMBINA izany hoe manokana ny fiainantsika amin'ny Tompo araky ny sokajim-pâainana misy antsika avy fa ny voatokana no manao voady.

Raha miaraka miasa amin'Andriamanitra isika izany no hoe MIOMBONA dia midika fa miaraka amin'Andriamanitra manomana ny "ho avy" dia ny mandrakizay.

Manana ohatra sy modely isika dia ireo razantsika ara-pinoana araka ny voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny Hebrio (*Heb.* 11, 1-2. 8-19) dia ny finoana nananan'i Abrahama sy ireo razantsika izay manambara fa isika ihany koa raha mivelona an'izany finoantsika izany dia ao amin'Andriamanitra ihany koa no ho hisy antsika ary raha mivelona amin'ny finoana isika na dia maty aza dia velona ao amin'Andriamanitra. Manampy antsika hiroso lalindalina kokoa izany rehetra izany, araka ny matetika averimberiko fa na dia eo aza ny sedra dia vonona isika. Mety misy fotoana mahakivy sy manahirana antsika nefo matoky an'Andriamanitra isika. Izay no ananaran'i Jesoa Kristy antsika ao amin'ny Evanjely (*Lk.* 12, 32-48) "Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny Fanjakana."

Hamelombelona ny finoana no anton'ny anaovantsika ny Sinaody ary manomboka any amin'ny fototra mihitsy dia eo anivon'ny fianakaviana "eglizy kely". Inona ny dikany hoe "miambina", "mivelona ny finoana"?

Tsy inona fa isika mandray an'I Jesoa ho eo anivon'ny fiainantsika, hahafoy ho azy isika, raha mitady hanangona isika dia fitiavan-tenantsika izany ka ho very isika. Aoka hatoky azy manontolo isika, ho izy no ao am-pontsika, ho izy no harena. Amin'ny toerana hafa moa dia nilaza i Jesoa hoe "*Izay misy ny harenareo no misy ny fonareo*". Izany koa no ezaka ataontsika amin'izao sinaody izao mba Eglizy velona velomin'ny Batemy isika miombona miara-dalana mandray an-tanana zary Tabernakla velona. Tohizantsika ny ezaka mba hiova tokoa isika. Ny faniriantsika rehetra dia ny hanana ny harena tena izy isika, araka ny nolazain'i Jesoa hoe "*Tsy misy kalalao manimba, ary tsy misy hanapotika azy fa ao amin'Andriamanitra*", izay misy ny harenareo no hisy ny fonareo.

Fantantsika ny vokatr'izay, raha tsy i Jesoa no harentsika sy eo anivon'ny fiainantsika dia ny fitiavan-tena, ny fialonana no manjaka araka ny hitantsika amin'izao fianantsika izao. Andro sarobidy izao, androm-pahasoavana indrindra amin'izao Sinaody izao ka aoka hibebaka isika, hifamela heloka ka ho tahaka ny voalazan'i Jesoa amin'ny Evanjely "*Sambatra ireo mpanompo tratran'ny tompony miambina raha tonga izy; lazaiko marina aminareo fa hisikina ny tompony ka hampipetraka azy hihinana, ary ho avy hampihinana azy*". Izany no tadiavin'Andriamanitra amintsika. Manambara fahavononana hanao "depart vaovao" izany rehetra izany.

Ry Kristianina havana, ny fivavahantsika dia tsy arak'izay fisainantsika na ny fahendren'olombelona satria izay mitady hanompo zavatra fa tsy Andriamanitra, hanompo ny tromba, ohatra, dia fantatsika ny vokany, voafehy isika. Raha isika kosa mametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika dia izy no mikolokolo sy mikarakara antsika ary hampipetraka antsika hihinana. Ny tadiaviny dia isika vonona amin'ny fiambenana, izay ilay toe-panahy lazaiko hoe fototra lehibe. Arovy ny maha-Kristianina antsika, aoka isika ho sahy mijoro amin'ny maha-Katolika antsika ka vonona hiatrika an'izay rehetra mety hamitapitaka antsika na inona ny sehatra sy toerana misy antsika tsirairay avy ; na tanora , na tsaiky na mpiasa na amin'ny fanambadiana na amin'ny religiozy manokan-tena amin'Andriamanitra.

Aoka hiambina isika araky ny fahasoavam-panahy nomen'Andriamanitra antsika, araka ny talenta nomen'Andriamanitra antsika. Ampiasao izy ireny, aza manangona fa izay ilay toetra tsy mety amin'ny fiambenana fa mila misokatra ho an'ny hafa sy ho an'ny hoavy kosa ny fiambenana no sady mahafoy. Io no tadiavin'Andriamanitra amintsika. Araka ny nolazain'i Md Piera raha nanontany an'i Jesoa izy " *Tompoko, ho anay ihany va no ilazanao izany fanoharana izany, sa ho an'ny olona rehetra koa?*" dia nanao fanoharana i Jesoa fa ho an'ny rehetra io hanomanantsika ny hoavy "Sambatra ny mpanompo raha tratran'ny Tompony miambina".

Aoka isika tsy hatory fotsiny amin'izao fa tsy maintsy miatrika ny fiainana, izany no fanambarana ny fiekiem-pinoana ho antsika sy ny tena finoana ho antsika. Manana ohatra velona isika ao amin'ny testamenta taloha sy ny taratasy ho an'ny Hebro fa amin'izao andro iainantsika izao dia manana ohatra velona isika dia Jacques Berthieu, Victoire Rasoamanarivo, frera Raphaël Rafiringa, mompera Bezima ary torak'izany koa i Lucien Botovasoa izay lahika nivelona tetra anivontsika izay samy nahatsapa ny lanjan'ny fiambenana, izany hoe tsy hoe mijanona fotsiny amin'izao fa miasa, mivelona ny finoana ary izay ny tena maha-Kristianina antsika. Ary hitantsika fa ireo ohatra ireo dia misy pretra, misy religiozy, misy lahika lehilahy sy vehivavy. Isaorantsika Andriamanitra nanome antsika izany ohatra velona izany.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, irinao ho mpanompo mahatoky sy vonona lalandava tokoa izahay ka aoka àry tsy ho diso anjara amin'ny fitiavana mandrakizay ka ampio izahay hahay hanararaotra an'izao fotoana izao ka hiambina tokoa, ho vonona hitsena anao. Amin'izay rehefa tonga ny fotoana dia ho mpanompo mahatoky tokoa izahay ka hitoetra amin'ny hasambarana izay nomaninao ho anay. Masina Maria Reny, ianao no modely ho anay ka ampianaro izahay. Torak'izany koa Md Josefa ampianaronareo izahay amin'izao Sinaody izao hanana toe-panahy vonona hiambina. Ankininay aminao ireo Masera nanao voady sy ny voatokana rehetra mba hanana toe-panahy "miambina". Mivavahà ho an'ireo miomana amin'ny fanamasinana. Tsy hadino ireo tsaiky manao sinaody. Ny niany tokoa ny ho avy fa tsy amaray. Enga anie ho hainay ny mamboly toe-panahy "miambina " amin'izy ireo. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson